FIANTSOANA FANATANTERAHANA TETIKASA

I – Fanazavana

Ny tetikasa « *Tamberinandraikitra eto Madagasikara : fampiharana ny teoria* » izay tanterahina eo anivon'ireto faritra manaraka ireto : Alaotra Mangoro, Analamanga, Atsinanana, Haute Matsiatra sy Menabe, dia mampiroborobo ny kolontsain'ny tamberinandraikitra eto Madagasikara sy ny fandraisan'anjaran'ny olompirenena amin'ny fiainana ara-politika, izany hoe ny fitantanana eny ifotony. Ny tetikasa dia manamafy ny fahaiza-manaon'ireo tanora mba ahafahany misehatra mivantana amin'ny ady amin'ny kolikoly sy ny fanatsarana ny fitondrana tsara tantana eto Madagasikara. Ampiana izy ireo hitrandraka sy hampihatra ny fahaizany mitarika, ary koa hanamafy ny firotsahany an-tsehatra mba hisian'ny fiovana bebe kokoa eny anivon'ny fiarahamonina misy azy ireo tsirairay avy.

Ao anatin'ny tetikasa, tanora 100 isa teny anivon'ireo faritra dimy voalaza etsy ambony no nisitraka fiofanana nifanesy miompana amin'ny lohahevitra tamberinandraikitra, ady amin'ny kolikoly, ary haitarika. Aorian'ny fiofanana, ireo tanora ireo dia mahazo tohana ara-kevitra amin'ny fanentanana tanora hafa mitovy aminy hiantsehatra hiaraka aminy sy amin'ny fanatontosana tetikasa madinika eny ifotony izay volavolain'izy ireo ihany mahakasika ny tamberinandraikitra. Araka izany, ity fifaninana ity dia misokatra amin'ireo tanora nanaraka ny fiofanana nomen'ny tetikasa «*Tamberinandraikitra eto Madagasikara : fampiharana ny teoria* » ary ihany koa ireo tanora hafa izay liana sy maniry hanatanteraka tetikasa eny ifotony.

Ity fiantsoana fanatanterahana tetikasa ity dia natao ho an'ireo tanora monina ao Morondava, Kaomina andrenivohitra Fianarantsoa, Kaomina andrenivohitra Toamasina, Kaomina andrenivohitra Ambatondrazaka, ary Kaomina Antananarivo renivohitra sy ny manodidina.

Efatra ny vondrona mpiara-miombonantoka amin'ny fanatanterahana ny tetikasa « *Tamberinandraikita eto Madagasikara : fampiharana ny teoria* », dia ny : Centre Européen d'Appui Electoral (ECES), ny Fikambanana Liberty 32, ny ONG Tolotsoa, ary ny Center for Creative Leadership (CCL). Ny Masoivohon'i Etazonia eto Madagasikara no mpanohana ara-bola ny tetikasa, izay nanomboka ny septambra 2016 ka hifarana ny septambra 2017. Raha te hahafantatra misimisy kokoa mikasika ity tetikasa ity dia tsidiho ny rohy : http://accountability-madagascar.org

II – Tanjon'ireo tetikasa mifaninana

Ny tanjona dia ny fanohanana ny tetikasa volavolain'ireo tanora mahakasika ny tamberinandraikitra sy ny ady amin'ny kolikoly.

Ireto manaraka ireto kosa ny zava-kendrena :

- Fampiharan'ireo tanora ny fahalalana azony nandritra ny fiofanana natolotry ny tetikasa «Tamberinandraikita eto Madagasikara : fampiharana ny teoria »;
- Famporisihina ny fandraisan'anjaran'ireo tanora tsy nanaraka io fiofanana voalaza eo ambony io ao anatin'ny fampiroboroboana ny kolontsain'ny fitondrana tsara tantana sy ny tamberinandraikitra ;
- Famohazana ny firotsahana an-tsehatry ny tanora eo amin'ny fiainam-pirenena ;
- Fanamorana ny fivoaran'ireo tanora izay mitondra tetikasa ;
- Fandraisan'anjara amin'ny fanamafisana ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny olompirenena sy ny tompon'andraikim-panjakana eny ifotony ;

III – Lohahevitr'ireo tetikasa madinika mifaninana

Ny lohahevitr'ireo tetikasa izay hifaninana dia miompana amin'ny fampiroboroboana ny fitondrana tsara tantana sy ny fampiharana ny tamberinandraikitra. Marihina fa azo atao ny miantsehatra amin'iray na mihoatra amin'ireto lohahevitra manaraka ireto :

- Ny fahazoan'ny olompirenena vaovao : gazety an-taratasy, tranokala, fandaharana amin'ny haino aman-jery, fizarana vaovao an-dalambe, sns ;
- Ny fametrahana sehatra fifanakalozan-kevitra mitarika amin'ny fehinkevitra eo amin'ny olompirenena samy olompirenena/olompirenena sy tompon'andraikim-pitondrana : atrikasa, fifanakalozan-kevitra am-bondrona, tafasiry, sns
- Ny fampandraisana anjara ny olompirenena amin'ny fitantanana ifotony : toy ny vata fanangonan-kevitra, ivotoerana fakan-kevitra eny ifotony, fomba fanaovana tatitra faobe, sns ;
- Ny fametrahana lamin'asa na rafitra ho fanatanterahana ny paikady nasionaly ho amin'ny ady amin'ny kolikoly ;

- Ny fametrahana lamin'asa na rafitra ho fanaraha-maso ny tetibola eny anivon'ny kaomina sy ny fokontany ;

Amporisihina ny fahaizana mamoaka hevitra mazava tsara, ny fitondrana hevi-baovao, ny tetikasa mampandray anjara vondron'olona isan-karazany, ary ny fampiasana ny teknolojia.

IV – Ny mason-tsivana

Fepetra fototra :

a) Momba ny mpitondra ny tetikasa :
- Tsy maintsy vondron'olona 5 hatramin'ny 7 no manolotra ny tetikasa ka ny 3 amin'ireo fara-fahakeliny dia nanaraka ny fiofanana nomen'ny tetikasa «Tamberinandraikita eto Madagasikara : fampiharana ny teoria »;
- Isaky ny vondrona iray dia hisy olona 2 hafa fara-fahakeliny tsy nanaraka io fiofanana voalaza eo ambony io ;
- 14 ka hatramin'ny 35 taona ireo mpikambana ao anaty vondrona ary tsy maintsy misy lahy sy vavy ;
- Ny olona iray dia tsy mahazo miditra anaty vondrona roa fa vondrona iray ihany.

b) Tsy azo atao mahakasikaka fanalana baraka faobe ny tetikasa indrindra ny tetikasa miady amin'ny kolikoly ;

c) Mahakasika ny tetikasa :
- Manolotra atontan-taratasy feno : votoatin'ny tetikasa sy tetibola araka ny fafana voafaritra
- Ny 1 may hatramin'ny 15 aogositra 2017 ny fotoana hanatanterahana ny tetikasa
- Tsy ekena ny tetikasa misy famatsiam-bola avy amin'ny mpiara-miombon'antoka hafa
- Amporisihina ny fandraisana anjaran'ireo mpitondra tetikasa amin'ny lafiny ara-bola na ara-pitaovana
- Tsy azo ekena ao anatin'ny tetikasa ireto fandaniana ireto : karama, tambin-karama, tambim-pivoriana, fividianana fitaovana, tambin-tsakafo mihoampampana, serasera miohampampana (fahana sy aterineto), tohana ho an'olona na vondrona hafa

V – Fomba famatsiana ara-bola

400 000 Ar hatramin'ny 1 000 000 Ar ny sandan'ny vola hamatsiana ny fanatanterahana ny tetikasa tsirairay arakararaka ny votoatin'ilay tetikasa.

Toy izao ny fandaminana mahakasika ny fanomezana ny famatsiambola : 50 isan-jato rehefa nekena ny tetikasa (fanaovana sonia taratasy fifanekena) ary 50 isan-jato rehefa nahavita tatitra eny afovoan'ny tetikasa (araka ny fafana izay homena).

Hahazo tohana ara-kevitra avy amin'ireo tanora mpitantsoroka nofanina tao anatin'ny tetikasa «*Tamberinandraikita eto Madagasikara : fampiharana ny teoria* » ireo tetikasa voafantina mandritra ny dingana fanatanterahana rehetra.

VI – Fifantenana ireo tetikasa

Vondron'olona mpikambana ao anatin'ny mpanatanteraka ny tetikasa " *Tamberinandraikitra eto Madagasikara : fampiharana ny teoria* " no hifantina ireo tetikasa voaray rehetra.

VII – Fampiasana ireo tetikasa

Azon'ny vondrona manatanteraka ny tetikasa « *Tamberinandraikitra eto Madagasikara : fampiharana ny teoria* » hampiasana amin'ny fitaovan-tserarasera tahaka ny tranokala sy ny tambazotra sosialy ireo tetikasa voafantina.

VIII– Fomba fandefasana ny antontan-taratasy

Toy izao manaraka izao ny fomba fandefasana ny soso-kevitra tetikasa :

- Alefa amin'ny mailaka dina.ranaivo@eces.eu
- **Na** apetraka mivantana amin'ireo tanora mpitantsoroka ao amin'ny faritra misy anao (etsy ambany ny laharana ahazoana azy ireo).
- **Na** alefa paositra amin'ny adiresy :

ECES – European Centre for Electoral Support
Bureau régional Madagascar : Lot IBF 16 Ter A Antsahavola, Antananarivo 101.

Daty fara-fandraisana ny antontan-taratasy : **17 aprily 2017.**

Raha mila fanazavana fanampiny, antsoy ny laharana 032 11 026 14 - - 034 15 154 12 - 034 08 977 99

TARATASY FANOLORANA NY TETIKASA[1]

1 Ny momba ny vondrona

Tanàna		
Anaran'ny vondrona (raha misy)		
Ny momba ny tompon'andraikitra voalohany[2]	Anarana: Adiresy: Finday: Mailaka:	
Ny momba ny tompon'andraikitra faharoa	Anarana: Daty nahaterahana: Adiresy: Finday: Mailaka:	
	Lahy	**Vavy**
Ny momba ny mpiray vondrona (anarana, daty nahaterahana , adiresy)	1. 2. 3. 4.	1. 2. 3. 4.

[1] **Tsy mihoatra ny 10 pejy ny antontan-taratasy raha soratana amin'ny teny frantsay ary 11 pejy raha amin'ny teny malagasy**

[2] **Tsy maintsy tanora nisitraka ny fiofanana ho an'ny tanora mpiantsehatra ny tompon'andraikitra voalohany**

2 Fampahafantarana fohy ny tetikasa

Lohatenin'ny tetikasa	
Lohahevitra fototra (Mariho izay mifanaraka amin'ny tetikasanao)	☐ Fahazoan'ny olompirenena vaovao ☐ Fametrahana sehatra fifanakalozan-kevitra ☐ Fampandraisana anjara ny olompirenena amin'ny fitantanana ifotony ☐ Fametrahana lamin'asa na rafitra ao anatin'ny paikady nasionaly ho amin'ny ady amin'ny kolikoly ☐ Fametrahana lamin'asa na rafitra ho fanaraha-maso ny tetibola kaomina na fokontany ☐ Hafa (farito) : .....
Tetibolan'ny tetikasa (Ar)	
Toerana hanatanterahana ny ***(lazao ny Faritra , Kaomina, Fokontany***)	
Andinindininy fohy mahakasika ny tetikasa	
Ireo hiantefan'ny tetikasa	
Daty hanombohana sy hiafarana	

3. Fototry ny tetikasa

3.1 Zava-misy :

3.2 Tanjona :

3.3 Zava-kendrena :

3.4 Vokatra hotratrarina :

3.5 Sahanasa :

3.6 Tetiandro

Sahanasa	May				Jona				Jolay				Aogositra	
	H1	H2	H3	H4	H1	H2	H3	H4	H1	H2	H3	H4	H1	H2

3.7 Fampaharetana ny tetikasa :

4. Ny momba ny tetibola

4.1 Tetibola ankapoben'ny tetikasa

4.2 Ny antsipirian'ny fandaniana

Ohatra ihany ity tabilao manaraka ity

	Karazany	Isany	Vidin'ny iray	Fitambarany
1	Sahanasa 1			
1.1	Zanak'asa			
1.2	Zanak'asa			
Fitambaran'ny sahanasa 1				
2	Sahanasa 2			
2.1	Zanak'asa			
2.2	Zanak'asa			
Fitambaran'ny sahanasa 2				
Fitambaran'ny tetikasa				

Ireo tanora mpitantsoroka ao anatin'ny tetikasa «Tamberinandraikitra eto Madagasikara : fampiharana ny teoria »

Noms et prénoms	Numéro téléphone
Faritra Analamanga	
ANDRIAMAHARONIAINA Jonah	034 38 643 47
ANDRIANARIMANANA Nampoina Sandratra	034 68 030 02 - 032 04 271 76
RABESON Vololomalala Annie	034 10 419 24
RAHARIVOAHANGIHARIMALALA Hanitriniaina	034 10 009 91
RAZAKAMANITRA Andrianjatomanana	034 80 292 87
Faritra Atsinanana	
ANDRIAMAROARISON Anja Tiana	032 93 440 07 - 034 40 750 37
LAIMIJAY Judicaël Aimé	032 11 981 17 - 034 41 009 09
NAHAVITATSARA Rasoanomenjanahary Elisah	034 01 622 67
Faritra Alaotra Mangoro	
RAKOTONAJAINA Sentoarinelina Rota	033 32 033 06 - 034 80 261 26 - 034 87 455 52
RANDRIAMBOLOLONA Iorenantsoa Fara-tiana	034 61 354 90
RAZAFIHARIMANITRARIVO Domoina Mamy	033 01 272 65 - 034 03 805 81
Faritra Matsiatra Ambony	
ANDRIANANTENAINA Simon Landrie	032 28 614 34 - 033 13 696 96 - 034 39 510 56
RANDRIAMAMPIANDRA Toky Miray	034 63 267 85
RATSIMANDRESY Faramalala Volantsoa	034 15 179 23 - 032 99 630 48
Faritra Menabe	
MBOLAVY Tiarison Fabrice	032 90 323 19
RAHAINGONIRAINY RANAIVOARISON Jésé Bruno	034 04 150 04 - 032 89 674 02
RAZAFIARISOA Mariah Urchie	032 82 779 34